FIADIDIANA NY REPOBLIKA
FAMPITAM-BAOVAO

**Fitsidihana ofisialy any Sénégal : nihaona tamin'ireo malagasy monina any an-toerana ny filoham-pirenena mivady**

Nihaona tamin'ireo teratany malagasy monina ao Sénégal ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina mivady ny alarobia 3 aprily 2019, tao amin'ny efitrano fivorian'ny hotely King Fahd Palace. Miisa 300 ireo teratany malagasy monina ao Sénégal ka ny 150 amin'izy ireo no monina sy miasa ao Dakar renivohitra.

Fotoana nahafahan'ireo malagasy niresaka mivantana tamin'ny Filoha mivady izao, ary nifampizaran'izy ireo ny olana sy ny hetahetan'ny malagasy ao Sénégal. Voaresaka nandritra izany ny tokony hanamorana ny fisoloan-tenan'I Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Lohalaharana amin'izany ny fanamorana sy ny fanafainganana ny fanavaozana ny pasipaoro tsotra izay ilaina amin'ny fivezivezena amin'ny firenena ivelan'i Sénégal. Anisan'ny nanontanian'ny malagasy ao Dakar ihany koa ny politikam-panjakana hahafahana mampiroborobo ny sehatry ny toe-karena sy ny fifanakalozana eo amin'I Madagasikara sy i Sénégal. Tafiditra ao anatin'izany ny endrika fiaraha –miasa rehetra azo atao manomboka izao eo amin'ny firenena roa tonta sy ny fiatraikan'izany eo amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny malagasy mipetraka ao Sénégal sy ireo mpandraharaha malagasy aty Madagasikara. Mila hamafisina ihany koa ny fitrandrahana sy ny fanomezana tsena ho an'ireo orinasa madinika sy salantsalany malagasy ao Sénégal sy i Afrika Tandrefana manontolo amin'ny alalan'ny fifanarahana ara-toe-karena bebe kokoa eo amin'ny firenena roa tonta. Ankoatra izany, noresahana nandritra io fihaonana io ihany koa ny momba ny politikam-panjakana momba ny fampiharana ny làlana sy ny famoahana didim-pitsarana izay mitarazoka eto Madagasikara, ny fiarovana ny sisin-tany sy ny sisin-dranomasina, ny fampianarana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny anjerimanontolo malagasy sy sénégalais. Nangatahin' ireto malagasy monina any Sénégal ireto ihany koa ny hahazoan'izy ireo zo hifidy amin'ny fifidianana filoham-pirenena. Nitodika manokana tamin'ny vadin'ny Filoha Mialy Rajoelina izy ireo amin'ny fandaharan'asan'ity farany ho an'ny vehivavy malagasy mipetraka any ivelany, tahaka ny ao Sénégal sy ny hoavin'ireo vehivavy malagasy eto Madagasikara.

Namafisin'ny Filoha Andry Rajoelina fa tafiditra ao anatin'ny politikan'ny IEM ny fiantsoana ireo malagasy handraharaha any an-tanindrazana ary nampahafantariny ihany koa ireo asa efa miatomboka ankehitriny. Nanambara ireo malagasy nihaona tamin'ny filoham-pirenena ireo fa resy lahatra tamin'ireo tetik'asa maro toa ny fanamboarana trano mora sy ny famatsiana herinaratra.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika
03-04-2019